

MINISTERE DE LA SECURITE PUBLIQUE
SECRETARIAT GENERAL
DIRECTION GENERALE DE LA POLICE NATIONALE
DIRECTION DE LA POLICE JUDICIAIRE
**SERVICE CENTRAL DES AFFAIRES CRIMINELLES**
N° 3898 /MSP/SG/DGPN/DPJ/SCAC

**AVIS DE RECHERCHE**

Il y a lieu de faire prescrire toutes recherches utiles en vue de retrouver les époux

**RAKOTOARIMANANA Pierre Joseph dit Rams**

**et**

**RAHARINIRINA Olivia Jenny**

Motif : Association de malfaiteurs et Kidnapping

En cas de découverte, procéder à l'arrestation et aviser immédiatement la Brigade Criminelle au tel 034.05.517.26

Fait à Antananarivo, le 24 Août 2017

Le Chef du Service Central des Affaires Criminelles

RAKOTONDRASOA Jean de Matha
Commissaire Principal de Police

DESTINATAIRES :

- Tous Services de Police
- Toutes Unités de la GN
- Archives

**********************************



ASAN-JIOLAHY **Mpivady mpanao « kidnapping » karohin'ny polisy**

Miandahy miambavy, ny mpivady mihitsy amin'izao fotoana izao no manao asan-jiolahy. Mpivady no karohina amin'izao, izay sady mpanao kidnapping no mpanao fanafihana mitam-piadiana ihany koa.

Namoahana didy fampisamborana, ka karohin'ny polisy miady amin'ny heloka bevava ny mpivady iray, Rakotoarimanana Pierre Joseph na Rams sy ramatoa Raharinirina Olivia Jenny. Araka ny fanazavan'ny polisy, karohina noho ny fikambanan-jiolahy sy fakana an-keriny izy ireo. "*Anisan'ny atidoha amin'ny fakana an-keriny eto an-dRenivohitra izy ireo, ary tompon'antoka tamin'ny fakana an-keriny Karana teny Behoririka farany teo*", hoy ny fanazavana.

Voalaza fa i Rams no mandray anjara mivantana amin'ny fanafihana sy fakana an-keriny, ary voatonona hatrany izy amin'ny asan-jiolahy eto an-dRenivohitra. I Olivia na Jenny kosa no mandray ny vola ka mitahiry izany. "*Fantatra fa eo am-panamboarana tranobe eny Anosiavaratra izy mivady amin'izao fotoana izao. Mety mbola misy ny zavatra hafa ankoatra io*", hoy ny polisy. Manentana ny olona ny polisy mba hanome vaovao amin'ny laharana 0340551726 raha misy mahita azy ireo. "*Voararan' ny lalàna ary raisina ho mpiray tsikombakomba izay olona mampiantrano ireo karohina, na koa ny fahalalana ny momba azy ireo kanefa tsy mampandre ny mpitandro filaminana*", hoy ny polisy.

Efa miparitaka manerana ny biraon'ny polisy rehetra ny sarin'ireto mpivady ireto. Efa nokarohina ela izy ireo saingy tsy hita izay nanjavonany. Heverina fa hisy vokany ny famoahana ny sariny sy ny fampahalalana ny mombamomba azy ireo. Ankoatra ireto farany anefa, mbola maromaro ihany koa ireo jiolahy karohina efa namoahana taratasy fikarohana tahaka izao, tsy hita popoka. Mbola ezaka ho an'ny mpitandro filaminana ny mikaroka jiolahy eto amintsika.

Yves S.

*Izy mivady karohina fatratra.*

TARATRA Zoma 25 aogositra 2017

***********************************



Inona no Vaovao — Zoma 25 Aogositra 2017

Fakana an - keriny eto an - dRenivohitra

## Karohina fatratra i Rams mivady

Mbola eo am - panaovana ny angom - baovao sy fikarohana ireo jiolahy mpanao fanafihana mitam - piadiana sy mpaka an - keriny ny Polisy eto Antananarivo. Omaly no nanambaran' ny Polisy misahana ny fikarohana ady heloka bevava eny Anosy ireo atidoha mikotrika ireo asan - jiolahy ireo. Namoahana didy fampisamborana Rakotoarimanana Pierre Joseph na Rams sy ny vadiny Raharinirina Olivia Jenny. Voalaza fa tompon' antoka tamin' ny fanafihana karàna teto Antananarivo izy ireo, anisan' izany ny teny Behoririka. Eo am - pikarohana azy ireo ny mpitandro filaminana amin' izao fotoana. Raha ny vaovao fantatra farany dia teny Anosiavaratra no efa nahitana azy ireo. Ny eo anivon' ny Polisim - pirenena dia manentana ny olona rehetra mba hanome vaovao ny mpitandro filaminana raha mahita ireo olona ireo. Ny laharana 034 05 517 26 no laharana ahazoana ny Polisy. Hotanana tsiambaratelo ny mombamomba ny laharanom - baovao.

W. F.